“Dia nitaraina tamin’i Jehovah ny Zanak’Isiraely, ary Jehovah nanangana mpamonjy ho an’ny Zanak’Isiraely, izay namonjy azy, dia Otniela, zanakalahin’i Kenaza, zandrin’i Kaleba. Ary ny Fanahin’i Jehovah no tao aminy, dia nitsara ny Isiraely izy sady nivoaka hiady; ary Kosan-risataima, mpanjakan’i Mesopotamia, dia natolotr’i Jehovah teo an-tanany; ary nahery ny tanany ka namely an’i Kosan-risataima. Dia nandry ny tany efa-polo taona. Ary maty Otniela, zanak’i Kenaza”. – Mpitsara 3 : 9 – 11